# Ny mariky ny bibidia 666

TRANONKALA

Inona no ambaran'ny baiboly mahakasika ny mariky ny bibidia ?

Apokalipsy 13:15_18




"Ary navela hanisy aina ny sarin'nybibidia izy, mba hahateny ny sarin'ny bibidia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibidia.Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo dia ampandraisiny marika eo amin'ny tanany ankavanana na eo amin'ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra,afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany.Indro ny fahendrena.Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibidia ,fa fanisa'ny olona izany; ary enina amby enimpolo amby enin-jato no isany."

Apokalipsy 14:9-11



"Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny anjely ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo amin'ny bibidia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tanany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tao anatin'ny kapoaky ny fahatezeran'ny tsy mihorahora zavatra, sady hampijaliana amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry izy; ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manan-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany."

Maro samihafa ny tombatombana amin'io zavatra tsy maintsy hitranga io, fa ny azo antoka aloha dia:

Izay rehetra mandray ny mariky ny bibidia dia hohelohina, tsy ho afaka hiverin-dalana intsony izy ireo, tsy hisy famelan-keloka intsony, tsy hisy hevitra intsony ny aminy ary tsy hisy famonjena intsony ho azy.
Tsy ho afaka hanantena izy ireo fa : "*Tsapan'Andriamanitra ny mahazo ahy ka hamela ny heloko izy ny amin'ny nandraisako ny marika, Ray be famindram-po izy ka tsy hamela ahy ho very, tsy misy tokony hampanahy ahy, mbola mety ho avotra aho, sa tsy izany*"? Diso Be!!

Raha vao mandray ny mariky ny bibidia 666 eo amin'ny handrinao na eo amin'ny tananao ianao dia izay ny aminao, tsy ho voavonjy ianao! voaosonianao manomboka eo ny fanekenao ny bibidia.

Amin'izany fotoana hanomezan'ny bibidia ny marika izany hisy fahoriana sy fijaliana mafy ka toy ny hoe ny fandraisana ny marika no safidy tsara indrindra tokony hatao mba hahafahana hivelona, io no mamaha ny olana rehetra. Ho henjana dia henjana ny fanerena hatao aminao mba handraisanao ny marika toy ny fampijaliana mafy, ny fahaverezana asa, ny fahafatesan-janaka, ny tsy ho fanananao ny maha-izy anao intsony, ny fahaverezan-trano sy fananana, ny tsy fanananao fahafahana intsony, Eny mety hiatra aminao hatramin'ny fahafatesana aza.

Nampahafantarina ireo mpaminany fa tsy ho fomba tsotra toy ny fanampahandoha akory no hamonoan'ny devoly ireo tsy mety mandray ny mariny fa ho fampijaliana mafy tokoa mba hampanekena azy ireo "Tsy hisy afaka hividy na hivarotra raha tsy misy ny marika".

Rehefa tonga izany fotoana izany dia tokony ho vonona ho faty ianao. Tsara ho anao kokoa ny maty vonoina toy izay handray ny marika.

Aza manaiky mihitsy ianao na inona na inona mitranga, aoka tsy ho diso hevitra fa na isika mpino aza raha mandray ny marika dia hiharan'ny fahatezeran'andriamanitra mandrakizay.

Fa misy fanantenana lehibe kosa ho an'ireo izay tsy nety nandray ny marika ka maty noho ny finoana :

Apokalipsy 20:4

"Ary nahita sezafiandrianana maro aho, ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy; ary hitako koa ny fanahin'izay notapahin-doha noho ny filazana an'I Jesosy, sy ny tenin'Andriamanitra, sy izay rehetra tsy niankohoka teo anoloa'ny bibidia, na teo anoloan'ny sariny, ary tsy nandray ny marika ho eo amin'ny handriny na ho eo amin'ny tanany; ary velona izy ka niara-nanjaka tamin'I Kristy arivo taona."

Nadikan'i Hery Rasolofoarinivo amin'ny fiteny Malagasy

FIFANDRAISANA